

## ANDRO FAHA- 3

# Noforonina tahaka an'Andriamanitra

**Andinin- tSoratra Masina ho tadiniana:** Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon\*'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika! 1 Jaona 3: 1.

### Fanontaniana fototra :

1. Inona izany hoe noforonina araka ny tarehin'Andriamanitra sy mitovy amin'ny endrik'Andriamanitra?
2. Inona no fihetseham-ponao ny amin'ny fahaterahanao sy ny lovanao amin'ny maha-zanaka lahy na zanaka vavin'Andriamanitra anao?
3. Rehefa mandinika lalina ny fahaterahantsika ara-panahy isika amin'ny maha zanaka lahy sy zanaka vavin'Andriamanitra antsika, ahoana no fomba hahatonga antsika hitovy toetra amin'Andriamanitra?

**Vakiteny fanampiny:** *Fitsipiky ny Fiaianana - Toetra – Ny famindrampo.*

"Ny lanitra manontolo nanana fahalianana lalina ary fifaliana amin'ny famoronana an'izao tontolo izao sy ny olombelona. Ny olombelona dia sokajy iray vaovao sy miavaka." SD 7

1 . Rehefa mamaky Gen. 1: 2; Asan'ny Apostoly 17: 24, Jaona 1: 1 - 3, sy Heb. 1: 1 sy 2, ianareo dia hahita izay namorona izao tontolo izao sy izay niara-niasa tamin'ny famoronana an'i Adama sy Eva. Kol 1:16 milaza hoe: " Fa tao aminy no nahariana ny ..... any an-danitra sy etè ambonin'ny tany, ..... , Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany; » (jereo koa ny andininy faha-15 sy 17)

2. Inona no asa lehibe indrindra tamin'ny famoronana?

Rehefa tapitra ny asa-pamoronan' Andriamanitra tamin'ny andro fahenina, dia nahary ny lehilahy voalohany, i Adama, ary ny vehivavy voalohany, i Eva Andriamanitra. "Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona ..... tahaka....., araka ny tarehintsika ; Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; ..... sy ..... no namoronany azy." (Gen. 1: 26, 27). "Raha nanao ny olona tahaka ny endriny Andriamanitra, dia lavorary ny endriky ny olombelona \_\_\_\_\_ fa tsy nisy aina izany endrika izany. Ary Andriamanitra ----- nanisy fofonaina tao amin'izany endrika izany, ary lasa olombelona, marani-tsaina sy miaina ny olona.

Io izany no niandohan'ny zanak'olombelona raha aseho amin'ny fomba mazava tsara ary ny porofo maha avy amin'Andriamanitra dia mazava tsara ka tsy misy fombna hahazoana manao fanatsoahan-kevitra diso - Tsy misy toerana ho an'ny vinavina fa ny olona dia niforona tamin'ny alalan'ny

fivoarana miandalana avy amin'ny toetra ambany izay iainan'ny biby na ny zavamaniry ----- Izy dia napetraka ho toy ny solontenan'Andriamanitra eo ambonin'ireo zavaboary sokajy ambany.

3. Momba ny Adama sy Eva, inona no ambaran'ny teny hoe: araka ny endritsika - araka ny tarehintsika?

I Adama sy Eva dia nohariana miaraka amin'ny fahafahana mifandray amin'Andriamanitra. Nila olona Andriamanitra tao amin'ny tontolo vaovaony - olona afaka mieritreritra toa azy sy hizara ny fihetseham-pony, ary koa ahitana taratra ny toe trany. Koa satria i Adama sy i Eva dia nohariana araka ny endrik 'Andriamanitra, dia tanteraka ara-batana, ara-tsaina sy ara-panahy! Raha mbola nitoetra tamin'ny fiombonana ety tamin'Andriamanitra izy ireo, dia tsy ho very mihitsy ny fahasambarany, satria izany no vokatry ny fahotana, ny aretina, na ny fahafatesana. "Eo ambonin'ireo zavaboary voasokajy ho ambany, dia nanendry izany olona izany Andriamanitra, ny lehibe indrindra tamin'ny asa-pamoronany, izay tokony haneho ny eritreriny sy hampiseho ny voninahiny.

"I Adama sy i Eva dia natao ambany kely noho ny anjely" (Heb. 2: 7) mba hahafahan'izy ireo tsy ny mahafantatra ny zava-mahatalanjon' izao tontolo izao hita maso ihany, fa mba hahatakatra ny adidy sy ny andraikitra ara-moraly koa.

"Ny olona dia natao hitondra ny endrik'Andriamanitra, na amin'ny fitoviana ivelany na amin'ny toe trany. Ny natiorany dia mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Ny sainy dia afaka mahatakatra ny zavatra avy amin'Andriamanitra. Ny fitiavany dia nadio, nisy antony izay nifehy ny filany sy ny firehetam-pony. Masina sy sambatra izy nitondra ny endrik'Andriamanitra niaraka tamin'ny fankatoavana tanteraka ny sitrapony.

4. Moa ve ny firazanan'olombelona rehetra dia avy amin'ny razana iray ihany? (Vakio ny Asan'ny Apostoly 17: 24-28)

"Dia Andriamanitra Izay nanao izao tontolo izao sy ny ao aminy rehetra, Izy no Tompon'ny lanitra sy ny tany ka tsy mba mitoetra ao anaty tempoly nataon-tanana, ..... ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany dia namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany" "(Asan'ny Apostoly 17: 24, 26)

5. Manao ahoana ny fihetsehamponao amin'ny fahafantarana fa nohariana araka ny endrik'Andriamanitra ianao?

Ny tombabiditsika amin'ny maha-olombelona antsika dia tsy misy hifandraisana mihitsy amin'ny fahombiazana ara-bola na ny habetsaky ny fananana izay hananantsika. Azontsika atao ny mahatakatra ny refy marin'ny olona manana tombabidy raha toa ka fantatsika fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika.

"Ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany dia namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany, mba hitady an'Andriamanitra izy, raha tähiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy; fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika; araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terany koa isika. (Asa 17: 26 -28).

6. Rehefa mamaky ireto fanambarana manaraka ireto ianao, dia eritrereto ny fomba afahanao ho tonga tahaka an'Andriamanitra eo amin'ny toetra amam-panahy.

"Amin'ny alalan'ny fandinihana lalina, dia hovana isika \_\_\_\_\_ Ny hoe mandinika lalina an'I Kristy dia midika hoe mianatra ny fiainany toy izay voalaza ao amin'ny teniny.

"Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny.teninao" (Sal. 119: 105).

Avy amin'ny fahasoavan'i Kristy ihany no ahafahan'ny asa famerenana amin'ny laoniny ny ara-batana, ara-tsaina sy ara-panahy, ho tanteraka

7. "Fa firenena masina ho an'i Jehovah Andriamanitao hianao; fa hianao efanofidin'i Jehovah Andriamanitao ho firenena rakitra soa ho Azy mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin'ny tany" (Deotoronomia 7 ..: 6).

Inona avy ireo fihetseham-ponao ny amin'ny nahaterahanao sy ny lovanao amin'ny maha-zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra anao? Omeo ny valin-teninao amin'ny famenoana an'ity :

Mivavaka amin'Andriamanitra aho mba \_\_\_\_\_ Te ho tonga  
\_\_\_\_\_ aho

**Fanoloran-tena sy vavaka :**